REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana -Fahafahana -Fandrosoana

MINISITERAN'NY FITANTANAM-BOLA SY NY TETIBOLA
- - - - -
SEKRETARIA JENERALY
- - - - -
FOIBEM-PITANTANANA ARA-KETRA

Didim-pitondrana laharana faha 9026/ 2008
Manorina ny Kaomisionina ara-ketra momba ny fitarainana ara-panjakana sy mametra ny fomba fiasany.

Araka ny lalam-panorenana ;
Araka ny Fehezan-dalàna Ankapobe mifehy ny hetra, indrindra ny andininy 20.01.21, 20.02.16, 20.02.21, 20.02.32, 20.02.44, 20.02.114;
Araka ny lalàna laharana faha 2004 – 030 tamin'ny 9 septambra 2004 momba ny ady amin'ny kolikoly ;
Araka ny Didim-panjakana laharana faha 2008 – 176 tamin'ny 15 febroary 2008 manafoana ny didim-pitondrana laharana faha 2004 – 937 tamin'ny 05 oktobra 2004 mikasika ny fandaminana vaovaon'ny birao mahaleotena iadiana amin'ny kolikoly ;
Araka ny Didim-pitondrana laharana faha 2007 – 022 tamin'ny 20 janoary 2007 mikasika ny fanendrena ny Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta ;
Araka ny Didim-pitondrana laharana faha 2007 – 025 tamin'ny 25 janoary 2007, novain'ny didim-pitondrana laharana faha 2007 – 120 tamin'ny 19 febroary 2007 sy ny didim-panjakana laharana faha 2007 – 926 tamin'ny 27 oktobra 2007 momba ny fanendrena ny mpikambana ao amin'ny Governemanta ;
Araka ny didim-panjakana laharana faha 2007 – 185 tamin'ny 27 febroary 2007 novain'ny didim-panjakana laharana faha 2007 – 633 tamin'ny 10 jolay 2007 sy ny didim-panjakana laharana faha 2008 –106 tamin'ny 18 janoary 2008 mametra ny andraikitry ny Minisiteran'ny Fitantanam-bola sy ny Teti-bola, ary koa ny fandaminana ankapobe ny minisiterany. ;
Araka ny tolokevitra avy amin'ny Komity Mpandrindra ny fanavaozana ny fandraharahana momba ny hetra,

Ny Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Teti-bola,

Dia mandidy:

Fepetra ankapobe

Andininy voalohany.- Noforonina ao amin'ny Ministera miandraikitra ny didy amam-pitsipika momba ny hetra ny rafitra, iray atao hoe Kaomisionina ara-ketra momba ny fitarainana ara-panjakana (CFRA) natao hanome ny heviny ho fakan-kevitra amin'ny olana mikasika hetra na amin'ny mety ho fisaraham-pivoasana, fahazoana sy fampiharana ny lalàna ara-ketra.

Ny foibeny dia ao amin'ny Tranon'ny hetra tsy mivantana taloha, 35, lalana Andriandahifotsy Mandrosoa Antananarivo.

Andininy 2.- Ny kaomisionina ara-ketra momba ny fitarainana ara- panjakana dia maneho ny heviny amin'ny resaka zava-misy na araka ny lalàna sy ny amin'ny fomba fikajiana ataon'ny

roa tonta raha tahiny misy fifanoherana amin'ny famerana ny hetra raha itondran'ny mpandoha hetra na ny Tale miandraikitra ny fifanolanana ara-ketra izany izy.

Andininy3.- Ny Kaomisionina ara-ketra momba ny fitarainana ara-panjakana dia manao ny fanombanana tondroin'ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra ho fampiharana ny andininy 20.02.32 ka ny mpikambana voatendry dia nahazo ny fanendren'ny Fitsaràna.
Raha vao itodràna raharaha ny fitsarana mahefa, dia tsy azo atao intsony ny mitondra izany eo amin'ny kaomisinina ara-ketra momba ny Fitarainana ara-panjakana ary ny fanombanana dia tsy azo atao afa-tsy indray mandeha ihany.

Momba ny mpikambana ao amin'ny kaomisionina

Andininy 4.- Ny kaomisionina ara-ketra momba ny Fitarainana ara-panjakana, dia avy amin'ny tolokevitry ny minisitra voakasik'izany, misy :

Fandatsahana latsabato:

- solontena iray avy amin'ny Sosaiety sivily na mpampianatra amin'ny oniversite, Filoha;
- solontena roa avy amin'ny Foibe Fitantanana ankapobe momba ny Hetra;
- solontena iray avy amin'ny Fikambanan'ny Fivoriana momba ny varotra sy ny Indostria;
- solontena iray avy amin'ny fikambanana arak'asa na vondron'oronasa avy amin'ny asan'ny mapndoa hetra voakasik'izany;
- solontena iray avy amin'ny Filankevitra Ambony momba ny Fitanan-kaonty.

Filan-kevitra:

- solontena iray avy amin'ny Foibe fitantanana misahana ny lalàna ara-ketra na ny fifanolanana
- Mpanombana iray azon'ny kaomisionina tendrena: mpahay fitanan-kaonty, "notaire", sns…
- Solontena iray avy amin'ny Birao mahaleotena miady amin'ny kolikoly
- Mpitantsoratry ny fivoriana iray, mpiasa ao amin'ny Foibe Fitantanana ankapobe momba ny hetra.

Ny fitondrana raharaha eo amin'ny kaomisionina ara-ketra momba ny fitarainana ara-panjakana.

Andininy 5.- .Ny kaomisionina ara-ketra momba ny fitarainana ara-panjakana dia itodrana raharaha amin'ny alalan'ny taratasy tsotra ao anatin'ny 15 andro naharaisana fampandrenesana farany momba ny fanarenana ara-ketra na fanapahana fandravana ny fitarainana ara-pifanolanana, na amin'ny fametrahana avy hatrany fehin-teny, na amin'ny fanambarana fitarainana amin'ny fitanantsoratry kaomisionina.
Ny fitondrana raharaha eo amin'ny kaomisionina ara-ketra momba ny fitarainana ara-panjakana dia ara-tsafidy.

Andininy 6.- Ny mpandoa hetra izay hitondra raharaha eo amin'ny kaomisionina ara-ketra momba ny fitarainana ara-panjakana dia tsy maintsy mapiditra ao amin'ny filazana ataony ny fikasany hanao izany amin'ny fotoana hanaovany sonia ny fampandrenesana raikitra.
Ny fitondrana raharaha eo amin'ny kaomisionina dia tsy maintsy efa nanaovana fandrotsahana mialoha ny maribolan'ny ampahan-ketra tsy nolavina amin'ny mpamory hetra mahefa sy ny fandoavana ny lany rehetra amin'ny raharaha.

Andininy 7.- Ny fitondrana raharaha eo amin'ny kaomisionina ara-ketra momba ny fitarainana ara-panjakana dia tsy mampiato ny fahafahana tsy handoa trosa, indrindra ny andininy 20.04.01 sy ny manaraka amin'ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra.
Andininy 8.- Ny Tale miadidy ny fifanolanana ara-ketra dia tsy maintsy mihitsy manaraka ny fanalavana ny fe-potoana hanaovana fitarainana voalazan'ny andininy 20.02.21 amin'ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra ka ho fe-potoana mitovy amin'ny fe-potoana lany nanomboka ny nitondrana ny raharaha teo amin'ny kaomisionina ka hatramin'ny fanehoany ny heviny.

Ny amin'ny famotopotorana ny antontan-taratasy.

Andininy 9.- Ny mpandoa hetra na ny solontenany dia mapiseho ny fanaporofoana raha vao miandoha ny fivoariana nefa tsy manatrika ny fiadian-kevitra
Ny Inspektora mpisahana ny sampan-draharahan'ny fitantanana ny antonta taratasin'ny mpandoa hetra dia mametraka ao amin'ny Kaomisionina ara-ketra momba ny fitarainana ara-panjakana ny fehin-teny fiarovan-tenan'ny sampan-draharaha ary azo ifampiresahana amin'ny fotoana rehetra mandritra ny fomba arahina, nefa izy tsy afaka manatrika ny fiadian-kevitra.

Andininy 10.- Ny mpikambana ao amin'ny Kaomisianina ara-ketra momba ny fitarainana ara-panjakana dia voafehin'ny tsiambaratelon'ny asa, ary manaiky ny foto-kevitra mikasika ny tsy azo ampiarahina sy ny andraikitra momba ny fanaovana filazam-pananana mitovy amin'ireo mpiasam-panjakana tsy maintsy manoa izany araka ny lalàna.
Mikasika ny tsy fahazoana miaraka, ny mpivady, ny havana ary ny fianakaviana hatramin'ny laharana fahatelo ao anatiny ny mpandoa hetra sy ireo mpitantana na mpikambana ao amin'ny sosaiety izay niharan'ny fitsirihana ara-ketra dia tsy azo atao mambra ao amin'ny komisionina.

Andininy 11 .-Tsy mahazo mivory ny Kaomisionina raha tsy atrehin'ny mpikambana manana fandatsahana latsabato
Ny fiaraha-madinika dia atao tsy atrehin'ny besinimaro
Raha mitovy ny isa dia ny vaton'ny Filoha no manan-kery.

Andininy 12.- Ny Kaomisiaonina ara-ketra momba ny fitarainana ara-panjakana dia manapaka ao anatin'ny 10 andron'ny nitondrana ny raharaha teo aminy. Io fe-potoana io dia azo alavaina araka ny fangatahana voamarina tsara avy amin'ny Kaomisionina ary nankatoavin'ny Tale miadidy ny Fifanolanana ara-ketra.
Ny vanim-potoana nandraisana ny fangatahana nitondrana ny raharaha teo amin'ny Kaomisionina no hanisàna ny fe-potoana.

Andininy 13 .-Ny Kaomisiaonina ara-ketra momba ny fatarainana ara-panjakana dia tsy mandinika resaka ivelan'izay natolotra tao amin'ny fangatahana voalohany.
Ho fampiharana ny fepetra voalazan'ny Fehezan-dalàna amkapobe momba ny hetra, ny mpifanolana dia tsy mahazo mitondra porofo afa-tsy izay natao na nangatahina nandritra ny fanamarinana ara-ketra.

Momba ny Tolokevitry Kaomisionina ara-ketra momba ny fitarainana ara-panjakana.

Andininy 14.- Ny Kaomisionina ara-ketra momba ny fitarainana ara-panjakana dia mamoaka ny heviny amin'ny fe-potoana voalazan'ny andininy faha 12 amin'ity didim-pitondrana ity. Tsy azo anaovana fampiakarana ny tolo-keviny izay tsy manokatra zo ho amin'ny adi-hevitra.
Raha ny fanadihadiana, ny paik'ady voalaza ao amin'ny fepetry ny andininy 20.02.32 amin'ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny Hetra no manankery.

Andininy 15.- Ny Kaomisionina ara-ketra momba ny fitarainana ara-panjakana dia mampandre ny tolokeviny amin'ny mpifanolana raha vao mifarana ny fotoam-pivoriana.
Ireo tolokevitra ireo dia soniavin'ny Filohan'ny Kaomisionina.

Andininy 16.- Raha manome rariny na manontolo na ampahany ny mpandoa hetra ny tolokevitry ny Kaomisionina dia afaka mandoa ny manontolo na ny ampahany amin'ny fanarenana ara-ketra noheverina ny sampan-draharaha amin'ny alalan'ny paikadin'ny fanafoanan-ketra avy hatrany voalazan'ny andininy 20.02.16 amin'ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra, na mitana ny fanarenan-ketra nataony.
Raha tahiny ka tsy manome rariny ny mpandoa hetra ny tolokevitry ny Kaomisiaonina dia azon'ny sampan-draharaha atao ny mitazona ny fanarenan-ketra nataony.

Andininy 17 .-Azon'ny mpifanolana atao hatrany ny mitondra ny raharaha eo amin'ny Fitsarana mahefa raha tahiny tsy te hanaraka ny tolokevitry ny Kaomisaonina ara-ketra momba ny fitarainana ara-panjakana izy.
Amin'io tranga io dia ampiarahina amin'ny taratasy famakiana ady ny tolokevitry ny Kaomisionina izay nolavina.
Amin'io tranga iray io dia anjarany ny mitondra ny porofo.
Ny fe-potoana ahazoana anaovana fitarainana voalazan'ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny Hetra dia mikoriana manomboka amin'ny fampandrenesana ny tolokevitry ny Kaomisionina.

Andininy 18.- Raha manaiky ny tolokevitry Kaomisaonina ny mpandoa hetra dia manao taratasy misy fanekena hisintona ny fitarainana, ary manao ny fanefanana avy hatrany ny hetra nifanolanana any amin'ny tahirin'ny Mpamory hetra ary manao ny sonia ny fifanarahana mialoha ny fitsaràna voalazan'ny andininy 20.02.114 ao amin'ny Fehzzan-dalàna ankapobe momba ny hetra.

Fepetra teteza-mita sy farany

Andininy 19.- Afaka miasa avy hatrany ny Kaomisionina raha vantany vao voaforona amin'ity didim-pitondrana ity, eo am-piandrasana ny fampidirana azy ao amin'ny fepetra mifehy azy ao amin'ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra.

Andininy 20 .-Ity didim-pitondrana ity dia raiketina sy aely na aiza na aiza araka izay ilàna azy.

Antananarivo, faha

Sonia
Ny Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola
Haja Nirina RAZAFINJATOVO